

an-tampon-tanàna, 31 araben' ny Fahaleovantena, eo amin' ny tany mirefy 1 hektara, 4 ara, 8 santiara mamorona ny tany ankehitriny antsoina hoe : *Mahatsangana*, titra laharana faha-9103 H ao Ivato, Fokontany sy Firaisan' io ihany, Fivondronan' Ambohidratrimo..... 4941

**MINISITERAN' NY FAMBOLENA, NY FIOMPIANA
ARY NY FANJONOANA**

19 oktobra 2004. – Didim-pitondrana laharana faha-19 907/2004 anomezan-dàlana ny fametrahana trano fitehirizam-panafody fitsaboana biby..... 4941

Fananan-tany

11 oktobra 2004. – Didim-pitondrana laharana faha-19321/2004 anomezana ho an' ny Kaominin' ambanivohitra ao Alarobia mba ho hampiasain' ny Fokontanin' Iravoandriana ny tanim-panjakana mirefy sahabo ho 12 hektara, 2 ara, 50 santiara, tafiditra ao amin' ny tany vita kadasitra laharana faha-1818 - 1819, sokajy "A" atao hoe : *Iravoandriana* ao Andranonarivo, Fokontanin' Iravoandriana, Kaominin' ambanivohitra ao Alarobia, Fivondronampokontanin' i Manjakandriana, Faritanin' Antananarivo..... 4941

**MINISITERAN' NY FANABEZAM-PIRENENA
SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA**

17 aogositra 2004. – Didim-panjakana laharana faha-2004-799 manome alalana ireo Toeram-pampianaran-panjakana misahana Fampianarana ambaratonga ambony sy ny Fikarohana hanome ny laharam-boninahitra "docteur honoris causa"..... 4941

5 oktobra 2004. – Didim-panjakana laharana faha-2004-941 ananganana ny Lycée ao Tsihombe, ao amin' ny Vakim-pileovan' i Tsihombe, Faritany mizaka tenan' i Toliara..... 4942

**MINISITERAN' NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA
ARY NY TETIBOLA**

27 oktobra 2004. – Didim-pitondrana laharana faha-20469/2004-MEFB/SG/CSC ankatoavana ny hevitra tinapaka tamin' ny fivoriamben' ny Filankevitra ambony momba ny Fitanan-kaonty tamin' ny 23 septambra 2004..... 4942

Mahatsangana, titre n° 9103 H, sise à Ivato, Fokontany et Firaisana Pages dudit, Fivondronana d'Ambohidratrimo..... 4941

**MINISTERE DE L'AGRICULTURE, DE L'ELEVAGE
ET DE LA PECHE**

19 octobre 2004. – Arrêté n° 19 907/2004 portant autorisation d'installation de dépôt de médicaments à usage vétérinaire..... 4941

Domaines

11 octobre 2004. – Arrêté n° 19 321/2004 portant dotation à la Commune rurale d'Alarobia pour les besoins du Fokontany d'Iravoandriana d'un terrain domaniale d'une superficie approximative de 12 hectares, 2 ares, 50 centiares, compris dans les lots cadastraux nos 1818-1819 de la Section "A", due : *Iravoandriana*, sis à Andranonarivo, Fokontany d'Iravoandriana, Commune rurale d'Alarobia, Fivondronampokontany de Manjakandriana, Faritany d'Antananarivo..... 4941

**MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE**

17 août 2004. – Décret n° 2004-799 autorisant les Etablissements publics d'Enseignement supérieur et de Recherche à décerner le titre de docteur honoris causa..... 4941

5 octobre 2004. – Décret n° 2004-941 portant création du Lycée de Tsihombe, dans la Sous-Préfecture de Tsihombe, Province autonome de Toliara..... 4942

**MINISTERE DE L'ECONOMIE, DES FINANCES
ET DU BUDGET**

27 octobre 2004. – Arrêté n° 20 469/2004-MEFB/SG/CSC portant homologation des avis de l'Assemblée générale du Conseil supérieur de la comptabilité en date du 23 septembre 2004..... 4942

REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

Lalàna

LALANA LAHARANA FAHA-2004-014 anavaozana ny fitondrana ny Tsanganasa fanasoavam-bahoaka eto Madagasikara

Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no nandany tamin' ny fivoriana nataony avy ny 14 jolay 2004 sy ny 19 jolay 2004.

Ny Filohan' ny Repoblika,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny tanapahana laharana faha-18-HCC/D3 tamin' ny 11 aogositra 2004 nataon' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

No mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindiny :

LOHATENY VOALOHANY SEHATRA FAMPIHARANA

Andininy voalohany. – Izao lalàna izao no mamaritra ny fitondrana ny Tsanganasa fanasoavam-bahoaka ekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa eto Madagasikara.

REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

Lois

LOI N° 2004-014 portant refonte du régime des Fondations à Madagascar

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respectivement en date du 14 juillet 2004 et du 19 juillet 2004.

Le Président de la République,

Vu la Constitution,

Vu la décision n° 18-HCC/D.3 du 11 août 2004 de la Haute Cour Constitutionnelle.

Promulgue la loi dont la teneur suit :

TITRE PREMIER CHAMP D'APPLICATION

Article premier. – La présente loi définit le régime des Fondations reconnues d'utilité publique à Madagascar.

LOHATENY II

FANANGANANA SY ZAVA-KINENDRIN' NY
TSANGANASA FANASOAVAM-BAHOAKA

And. 2. – Amin' ny hevitra raketin' izao lalàna izao, ny atao hoe :

Tsanganasa : Fikambanana mizaka ny zon' ny isam-batan' olona ka ny fananganana azy, andaniny, dia avy amin' ny taratasy ara-dalàna izay anokanan' ny vatantenan' olona na fikambanana iray na maromaro amin' ny fomba maharitra fananana, zo ary loharanon-karena hanatanterahana zava-kinendry ho amin' ny tombontsoan' ny rehetra ary, ankilany, avy amin' ny faneken' ny Governemanta fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa.

Ny Tsanganasa fanasoavam-bahoaka voafaritra toy izany dia tafiditra ao anatin' ny solajin' ny Tsanganasa ekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa.

Mpanorina : Vatantenan' olona na fikambanana mizaka zo aman' andraikitra mandray anjara amin' ny fanokanana fananana ho an' ny Tsanganasa fanasoavam-bahoaka eo am-pananganana azy.

Fanomezana : Sora-panekena na fifanarahana nataon' ny olona iray (ny mpanome) hametrahany ny fananany ampiasain' ny olona iray hafa (ny nomena) izay manaiky izany.

Tahiry fanokanana na renivola : Renivolan' ny Tsanganasa fanasoavam-bahoaka avy amin' ny loharanon-karena, fananana na zo natokana amin' ny fomba maharitra hanatanterahana ireo zava-kendren' ny Tsanganasa ka ny vola miditra azo avy amin' ny fanokanana ihany no azo ampiasaina hamatsiana ireo asa ataony. Ny Tahiry fanokanana dia ahitana ny renivola tam-boalohany sy izay rehetra fanokanana taty aoriana natao ho fanomezana.

Tahiry fanavotam-bidy : Tahiry izay ny renivola sy ny vola miditra afaka miteraka noho ny fametrahana azy dia nalaina mandritra ny fotoana voafetra.

Tahiry azo havaozina : Tahiry vatsian' ny vola miditra, indraindray isam-banim-potoana, indrindra ireo haba sy lamandy ary sara voatokana.

Tahiry ombam-panomezam-pahefam-pitantanana : Loharanon-karena natao hamatsiam-bola asa voafaritra tafiditra ao amin' ny anjara asan' ny Tsanganasa ka ny fitantanana izany dia nankinina aminy na dia tsy nafindra taminy araka ny lalàna aza ireo tahiry ireo.

And. 3. – Ny Tsanganasa ekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa dia atsangana araka ny paika manaraka etoana :

Araka ny sora-panekena notoavina, ireo Mpanorina dia manomè toky fa hanokana amin' ny fomba maharitra sy maimaimpouana ho an' ny Tsanganasa renivola aty am-boalohany ka ny habetsahany dia tsy azo atao latsaky ny habetsahana voasoritry ny andininy faha-30, sy mamaritra ny fepetra mifandraika amin' ny fanokanana nataony.

Ny fitsipi-pitondrana ny Tsanganasa, amin' ny maha-fikambanana mizaka ny zon' ny isam-batan' olona azy tsy manao fitadiavam-bola, dia aroso hankatoavina sy homen-dalàna mba ho ekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa.

Ny fanekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa, dia omena amin' ny alàlan' ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian' ny Governemanta, araka ny fanolorana ny antontan-taratasy fanomezan-dalàna.

Ny fangatahana ny fanekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa izay arosan' ny roa, ahay, amin' ny Mpanorina dia apetraka ao amin' ny Minisitery miandraikitra ny Atitany, miaraka amin' ny kopia ho an' ny Minisitery miandraikitra ny Fitantanam-bola ary ny Minisitery misahana ny sehatr' asa voakasika.

Ampiarahina amin' ny singan-taratasy manaraka etoana ny fangatahana :

1. Ny sora-panekena notoavina mirakitra ny faneken' ny Mpanorina hamindra ny loharanom-bola natokana hamoronana ny renivola voalohan' ny Tsanganasa;

2. Sosony telo amin' ny fitsipi-pitondrana;

TITRE II
CONSTITUTION ET OBJET
DES FONDATIONS

Art. 2. – Aux termes de la présente loi, on entend par :

Fondation : Personne morale de droit privé dont la création résulte, d'une part d'un acte juridique par lequel une ou plusieurs personnes physiques ou morales affectent de manière permanente des biens, droits et ressources pour la réalisation d'objectifs d'intérêt général et, d'autre part de la reconnaissance d'utilité publique par le Gouvernement.

La Fondation ainsi définie entre dans la catégorie des Fondations reconnues d'utilité publique.

Fondateur : Personne physique ou morale contribuant à la dotation de la Fondation à sa création.

Donation : Acte ou contrat par lequel une personne (le donateur) dispose ses biens au profit d'une autre (le donataire) qui l'accepte.

Fonds de dotation ou capital : Capital de la Fondation provenant des ressources, biens ou droits affectés de manière permanente à la réalisation des objectifs de la Fondation dont seuls les revenus de la dotation peuvent être utilisés pour financer ses activités. Le Fonds de dotation comprend le capital initial et toute donation ultérieure affectée à la dotation.

Fonds d'amortissement : Fonds dont le principal et les revenus pouvant être générés par son placement sont décaissés pendant une période déterminée.

Fonds renouvelable : Fonds alimenté par des revenus, parfois réguliers, notamment les droits, amendes ou taxes affectées.

Fonds avec mandat de gestion : Ressources servant à financer des activités déterminées entrant dans le cadre de la mission de la Fondation dont la gestion lui est confiée sans que ces fonds ne lui soient juridiquement transférés.

Art. 3. – La Fondation reconnue d'utilité publique est créée selon la procédure ci-après :

Par acte authentique, les Fondateurs s'engagent à doter de façon permanente et gratuite la Fondation d'un capital initial dont le montant ne peut être inférieur au montant prescrit à l'article 30, et déterminent les conditions attachées à leurs donations.

Les statuts de la Fondation, en tant que personne morale de droit privé à but non lucratif, sont soumis pour approbation et agrément en vue de la reconnaissance d'utilité publique.

La reconnaissance d'utilité publique est octroyée par décret pris en conseil de Gouvernement, sur présentation d'un dossier d'agrément.

La demande de reconnaissance d'utilité publique présentée par deux, au moins, des Fondateurs est déposée auprès du Ministère chargé de l'Intérieur, avec copie pour le Ministère chargé des Finances et le Ministère en charge du secteur d'activité concerné.

La demande sera accompagnée des pièces ci-après :

1. L'acte authentique consignait l'engagement des Fondateurs à transférer les ressources financières destinées à constituer le capital initial de la Fondation;

2. Trois exemplaires des statuts;

3. Antontan-taratasy manondro ny filazalazana feno momba ny Mpanorina sy ny zom-pireneny.

Ny didim-panjakana anekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa dia avoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Manana fe-potoana enim-bolana ny Governemanta hanapahana mikasika ny maha-mendrika ny fangatahana ny fanekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa ny momba ny Tsanganasa iray.

Ny fanekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa dia azo tsoahana, amin' ny alàlan' ny didim-panjakana raisina eo an-pivorian' ny Governemanta, raha misy ny fandikana ity lalàna ity na ny tsy fanarahana ny fitsipi-pitondrana na fanovana ny fitsipi-pitondrana raha toa izany tsy fanarahana na fanovana izany ka mitera-pahavoazana goavana eo amin' ny Tsanganasa na ny tombontsoan' ny vahoaka.

Ny fisintonana ny fanomezan-dàlana dia tsy maintsy omban' antonantony; azo anaovana fampakaran-draharaha eo amin' ny ambaratongan-pitsarana ara-panjakana izany.

Raha misy fanatsoahana ny fanekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa, ary raha toa ka tsy nofoanana ny sora-panekena na raha toa ka tsy nisy ny fampakaran-draharaha natao, dia atomboka ny paika arahina mikasika ny fandravana ny Tsanganasa.

Ny Governemanta, amin' ny alàlan' ny Minisiteran' ny Atitany, ny Minisitera miandraikitra ny Fitantanam-bola sy/na ny Minisitera miandraikitra ny sehatrasa voakasika ataon' ny Tsanganasa, dia ampahafantarina izay fanovana rehetra ao amin' ny fitsipi-pitondrana.

And. 4. - Ny Tsanganasa no mamaritra ny (na ireo) sehatra lasany manokana sy manamarina ny manjety ny tetikasany. Ny sehatra manaraka etoana, dia mety ho voakasika, ka anisan' izany : ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny tontolo iainana, ny fiarahamonina sy ny maha-olona, ny ianatanjahanena, ny zavakanto ary ny kolontsaina.

And. 5. - Manaiky ny Tsanganasa fa hanatanteraka ny asany ka tsy itadiavany tombontsoa sy ao anatin' ny fanajana ny lalàna sy ny didy aman' pitsipika eto amin' ny Repoblika.

Tsy maintsy manaja ny fenitra maneran-tany momba ny zon' olombelona izy.

Tsy azony atao mihitsy, na amin' ny endriny inona na amin' ny endriny inona, ny mitsabaka amin' ny raharaha politika eto amin' ny Repoblika

LOHATENY III FANDAMINANA ARA-PITONDRANA

TOKO VOALOHANY Firafitra sy asa sahanina

And. 6. - Ny Filankevi-pitondrana no ramsa-mangaika momba ny fanaovana sori-dàlana sy ny fitondran-draharaha ao amin' ny Tsanganasa. Noho izany, dia izy no afaka manatanteraka ny sora-panekena rehetra momba ny fitondran-draharaha sy ny fitantanana amin' ny anaran' ny Tsanganasa.

Izy no miandraikitra ny famaritana ireo zava-kendren' ny Tsanganasa, manao ny sori-dàlana mikasika ny firosahany antsehatra ary manara maso ny fanatanterahana ireo zava-kinendry. Raisiny ny fepetra rehetra ilaina ho amin' izany.

And. 7. - Ny Foibem-pitondrana mpanatanteraka no miandraikitra ny fanatanterahana ny zava-kendren' ny Tsanganasa, ary manatontosa ny fandraharaha ny asa atao sy ny famatsiam-bola nankatoavin' ny Filankevi-pitondrana

And. 8. - Ny Filankevi-pitondrana, miasa amin' ny maha-rantsa-mangaika momba ny sori-dàlana azy, araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Foibem-pitondrana mpanatanteraka dia, ankoatra ny zavatra hafa :

1. Mamarana ny fandraharanana momba ny firosahana antsehatra omen-tombondahiny ataon' ny Tsanganasa.

3. Un dossier indiquant l'identité complète et la nationalité des Fondateurs.

Le décret portant reconnaissance d'utilité publique est publié au *Journal officiel* de la République.

Le Gouvernement dispose d'un délai de six mois pour statuer sur le mérite d'une requête en reconnaissance d'intérêt public en faveur d'une Fondation.

La reconnaissance d'utilité publique peut être retirée, par décret pris en conseil de Gouvernement, en cas d'infractions à la présente loi ou violations des statuts ou de modifications de statuts lorsque de telles violations ou modifications portent gravement préjudice à la Fondation ou à l'intérêt public.

Le retrait d'agrément doit être motivé; il est susceptible de recours devant la juridiction administrative.

En cas de retrait de la reconnaissance d'utilité publique, et si l'acte n'est pas annulé ou si aucun recours n'est formé, la procédure de dissolution de la Fondation est déclenchée.

Le Gouvernement, par l'entremise du Ministère de l'Intérieur, du Ministère chargé des Finances et/ou du Ministère en charge du secteur d'activité concerné de la Fondation, est notifié de toute modification des statuts.

Art. 4. - La Fondation détermine son (ou ses) champs d'activités spécifiques et justifie la pertinence de son projet. Les domaines suivants *inter alia* peuvent être concernés : l'éducation, la santé, l'environnement, le social et l'humanitaire, les sports, les arts et la culture.

Art. 5. - La Fondation s'engage à exercer ses activités de manière désintéressée et dans le respect des lois et règlements de la République.

Elle est respectueuse des principes universels des droits de l'homme.

Elle s'abstiendra de toute immixtion, sous quelque forme que ce soit, dans les affaires politiques de la République.

TITRE III ORGANISATION ADMINISTRATIVE

CHAPITRE PREMIER Structures et fonctions

Art. 6. - Le Conseil d'administration est l'organe d'orientation et d'administration de la Fondation. A ce titre, il est habilité à accomplir tous actes d'administration et de gestion au nom de la Fondation.

Il est chargé de définir les objectifs de la Fondation, d'orienter ses interventions et veille à la réalisation de ses objectifs. Il prend toutes mesures nécessaires à cet effet.

Art. 7. - La Direction exécutive est chargée de réaliser les objectifs de la Fondation, et met en œuvre les programmes d'action et de financement approuvés par le Conseil d'administration.

Art. 8. - Le Conseil d'administration, agissant comme organe d'orientation, sur proposition de la Direction exécutive, entre autres :

1. Arrête les programmes d'intervention prioritaires de la Fondation;

2. Mankato ny tondrofetra fifantenana ny famatsiam-bola mety homen' ny Tsanganasa;

3. Mankato araka ireo tondrofetra ireo ny fandaharana momba ny asa atao sy ny famatsiam-bola;

4. Mamaritra ny politika ankapobe arahin' ny Tsanganasa;

5. Mankato isan-taona ny tatitra momba ny fikambanana sy momba ny fitantanam-bola;

6. Mankato ny kaontin' ny taom-piasana nifarana;

7. Mametra ny fitsipika momba ny fandraketana fifanarahana-barotra ho an' ireo tetikasa vatsian' ny Tsanganasa voala;

8. Manara-maso mba tsy ho voatohintohina ny fisian' ny Tsanganasa.

And. 9 - Ny Filankevi-pitondrana, miasa amin' ny maharantsa-mangaika momba ny fitondran-draharaha sy ny fitantanana azy, dia afaka mamindra ny sasantsasany amin' ny fahefany amin' ny filohan' ny Filankevi-pitondrana, amin' ny komity manokana na amin' ny foibem-pitondrana mpanatanteraka ao anatin' ny fepetra sy amparafaritry faritan' ny fitsipika anatin' ny momba ny Tsanganasa, afa-tsy ireto fanapahana manaraka ireto :

1. Ny fitsipi-pitondrana ny Tsanganasa ary koa ny fanovana atao amin' izany;

2. Ny fitsipika anaty, ny fitsipika momba ny fitantanam-bola sy ny bokikely arahina momba ny raharaha atao, ary koa ireo fanovana natao taty aoriana;

3. Ny rafi-pandaminana sy ny fitsipika ankapobe momba ny mpiasa, atolotry ny Tale mpanatanteraka;

4. Ny fanendrena ny Tale mpanatanteraka sy ny fanaovana ny fifanekena momba ny asa ifanaovana aminy;

5. Ireo fanapahan-kevitra momba ny fijoroana ho mpiantoka sy fametrahana antoka amin' ireo findramam-bola ary koa izay rehetra antoka mikasika ny fananan' ny Tsanganasa, araka ny tolo-kevitra ny Tale mpanatanteraka;

6. Ny tetibolan' ny Tsanganasa araka ny tolo-kevitra ny Tale mpanatanteraka;

7. Ny tatitra isan-taona ataon' ny Filankevi-pitondrana;

8. Ny tatitra ankapobe sy ireo tatitra manokana ataon' ny mpanamarin-kaonty;

9. Ny fanomezana atolotra ny Tsanganasa sy ny fepetra mifandraika amin' izany;

10. Ny fandavana ny Tsanganasa na ny fampiraisan-troky;

11. Ny fananganana masoivoho;

12. Ny resaka mikasika ireo mpihevi-draharaha;

13. Ny fanendrena ireo mpanamarin-kaonty sy "auditeurs";

14. Ny fizohina ireo toromarika momba ny "audit".

And. 10. - Tsy tohinina ireo fahefana nafindran' ny Filankevi-pitondrana taminy ao anatin' ny voalazan' ny andininy faha-9, ny Tale mpanatanteraka dia misahana ny anjara raharaha manaraka etoana :

1. Izy no lehiben' ny mpiasa, araka ny fepetra faritan' ny fitsipika anaty sy ny fitsipika ankapobe momba ny mpiasa;

2. Izy no manome alalana ny fandinihana manokana rehetra na fanampiana eo un-toerana na ivelany ilaina mba hanatanterahana tsara ireo tetikasa vatsian' ny Tsanganasa voala;

3. Izy no mampiditra mpiasa araka ny paika arahina voarakitra ao anaty Bokikely arahina momba ny raharaha atao araka ny rafi-pandaminana;

4. Izy no manapaka ny fanokafana amin' ny anaran' ny Tsanganasa na eto Madagasikara izany na any ivelany ny kaonty rehetra momba ny sheky any amin' ny paositra sy any amin' ireo andrim-pitondrana ara-bola, ny kaonty fametrahana-bola rehetra, ny kaonty sesilany na kaontin' ny vatsim-bola omban-taratasy fanamarinan-pananana;

5. Izy no mandraikitra ny fifanarahana ilaina ho fampandehanana ny Tsanganasa;

2. Approuve les critères de sélection des financements susceptibles d'être octroyés par la Fondation;

3. Approuve conformément à ces critères, les programmes d'action et de financement;

4. Définit les politiques générales de la Fondation;

5. Approuve annuellement le rapport moral et financier;

6. Approuve les comptes de l'exercice clos;

7. Fixe les règles de passation des marchés pour les projets financés par la Fondation;

8. Veille à ce que la raison d'être de la Fondation soit préservée.

Art. 9. - Le Conseil d'administration, agissant comme organe d'administration et de gestion, peut déléguer certains de ses pouvoirs au président du Conseil d'administration, à des comités spécialisés ou à la direction exécutive dans les conditions et limites qu'il fixe dans le règlement intérieur de la Fondation à l'exception des décisions suivantes :

1. Les statuts de la Fondation ainsi que les modifications qui y sont apportées;

2. Le règlement intérieur, le règlement financier et le manuel d'opérations, ainsi que les modifications ultérieures;

3. L'organigramme et le règlement général du personnel, proposés par le Directeur exécutif;

4. La nomination du Directeur exécutif et l'établissement de son contrat de travail;

5. Les décisions de se porter caution et donnant l'aval à des emprunts ainsi que tout hypothèque sur les biens de la Fondation, sur proposition du Directeur exécutif;

6. Le budget de la Fondation sur proposition du Directeur exécutif;

7. Le rapport annuel du Conseil d'administration;

8. Le rapport général et les rapports spéciaux du commissaire aux comptes;

9. Les libéralités faites à la Fondation et les conditions y afférentes;

10. La dissolution de la Fondation ou la fusion;

11. La création de représentations;

12. Les questions touchant les administrateurs;

13. La désignation des commissaires aux comptes et d'auditeurs;

14. Le suivi des recommandations de l'audit.

Art. 10. - Sans préjudice des pouvoirs que le Conseil d'administration lui délègue dans le cadre de l'article 9, le Directeur exécutif exerce les attributions suivantes :

1. Il est le chef du personnel, dans les conditions fixées par le règlement intérieur et le règlement général du personnel;

2. Il autorise toutes études spécifiques ou assistance locale ou extérieures nécessaires à la bonne réalisation des projets financés par la Fondation;

3. Il recrute le personnel suivant les procédures établies dans le Manuel d'opération conformément à l'organigramme;

4. Il décide l'ouverture au nom de la Fondation tant à Madagascar qu'à l'étranger de tout compte de chèques postaux et auprès d'institutions financières, tous comptes de dépôt, comptes courants ou comptes d'avances sur titre;

5. Il conclut les contrats nécessaires au fonctionnement de la Fondation;

6. Izy no manao sy mitàna ny kaontin' ny Tsanganasa;
7. Izy no manao ny tatitra momba ny fikambana sy momba ny fitantanam-bola atolotra ny Filankevi-pitondrana.

TOKO II

Ny ho anisan' ny Filankevi-pitondrana

And. 11. – Ny Filankevi-pitondrana ny Tsanganasa dia ahitana mpikambana fito farafahakeliny ary dimy ambin' ny foto farafahabetsany.

Ny mpikambana ao amin' ny Filankevi-pitondrana dia fidina amin' ireo olo-manan-kaja ka ny fahamendrehany sy ny fahaizany dia mikasika ny sehatra irotsahan' ny Tsanganasa sy mahafeno ny fepetra apetraky ny fitsipi-pitondrana.

Ny mpihevi-draharaha, izay tsy maintsy ho vatantenan' olona, dia mivory amin' ny maha-fototr' olona azy eo anivon' ny Filankevi-pitondrana.

And. 12. – Fidina araka ny fitsipika noferan' ny fitsipi-pitondrana sy ny fitsipika anaty ny mpihevi-draharaha. Amin' ny fananganana ny Tsanganasa, ny Mpanorina dia miara-manendry ireo mpihevi-draharaha voalohany.

And. 13. – Tsy misy mihitsy olona azo fidina ho mpihevi-draharaha raha toa ka efa niharan' ny fanasaziana, na teto Madagasikara izany na tany ivelany, noho ny heloka bevava na heloka tsotra, afa-tsy noho ireo heloka noho ny tsy fitandremana.

And. 14. – Dimy taona ny faharetan' ny fe-potoana iasan' ireo mpihevi-draharaha, raha ela indrindra ary azo avaozina indray mandeha ihany.

And. 15. – Ambara-fa banga ny toeran' ny mpihevi-draharaha iray araka ny fepetra faritan' ny fitsipi-pitondrana sy/na ny fitsipika anaty.

Ny mpihevi-draharaha iray dia mety ho voaroaka noho ny antony marina indrindra raha toa izy ka nanafina anton-javatra mitarika ny tsy fahazoana mampivady raharaha na ifaningingoran' ny tombontsoa.

TOKO III

Adidy manokan' ny mpihevi-draharaha

And. 16. – Ny andraikitra amin' ny maha-olon-tsotra ny mpihevi-draharaha dia azo ampidirina, arakaraka ny fahavoazana nahatran' izy ireo tamin' ny Tsanganasa, noho ny fandikàna ny fepetra voalazan' ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika, ny tsy fanarahana ny fitsipi-pitondrana ary ny fahadisoany manokana mikasika ny fitantanana araka ny fitsipika momba ny lalàna ifampitondran' ny daholobe.

And. 17. – Maimaimpoana ny fanaovana ny asan' ny mpihevi-draharaha. Na izany aza anefa, averina amin' ny mpihevi-draharaha ny sara lanitry tamin' ny fanatanterahany ny asany, araka ny fepetra faritan' ny fitsipika anaty.

And. 18. – Ny Tsanganasa dia tsy afaka manao fampindramambola, vola tsy misy antoka amin' ny kaonty sesilany, fanampiana na fanomezana mivantana na amin' ny alàlan' ny olon-kafa, ho an' ireo mpikambana ao amin' ny Filankevi-pitondrana, ny Foibem-pitondrana mpanatanteraka, ny mpanamarin-kaonty na amin' ireo mpitantana ny tahiry.

Toa izany koa, ny Tsanganasa dia tsy afaka mijoro ho antoka na manome antoka amin' ny fanekena nataon' izy ireo manoloana ny olon-kafa. Io fandràna io dia mihitatra hatrany amin' ny vadin' izy ireo, ny havany sy havan-tetezina hatramin' ny antoana fahaefatra.

Ny raharaha natao tamin' ny fandikana ireo fandràna voalazan' ireo andàlana tetsy aloha dia heverina ho toy ny tsy misy ary tsy manan-kery. Ny nahazo tombontsoa sy ny nanao izany raharaha izany dia azo saziana handoa oni-pahavoazana manoloana ny Tsanganasa ka tsy tohinina ny sazy ara-pitsipi-pifehezana.

And. 19. – Ny fifanarahana momba ny fisahanan' asa ifanaovan' ny Mpanorina/mpanokana na ny solontenany sy ny

6. Il établit et tient les comptes de la Fondation;
7. Il établit les rapports moraux et financiers à présenter au Conseil d'administration.

CHAPITRE II

Composition du Conseil d'administration

Art. 11. – Le Conseil d'administration de la Fondation se compose de sept membres au moins et de quinze membres au plus.

Les membres du Conseil d'administration sont choisis parmi les personnalités dont les qualités et les compétences relèvent des domaines d'intervention de la Fondation et répondent aux conditions posées par les statuts.

Les administrateurs, qui sont exclusivement des personnes physiques, siègent *intuitu personae* au sein du Conseil d'administration.

Art. 12. – Les administrateurs sont élus selon les règles déterminées par les statuts et le règlement intérieur. A la création de la Fondation, les Fondateurs nommeront conjointement les premiers administrateurs.

Art. 13. – Nul n'est éligible aux fonctions d'administrateur, s'il a fait l'objet, à Madagascar ou à l'étranger, d'une condamnation pour crimes et délits sauf pour délits d'imprudance.

Art. 14. – La durée du mandat des administrateurs est de cinq ans maximum renouvelable une seule fois.

Art. 15. – Un poste d'administrateur est déclaré vacant dans les conditions définies par les statuts et/ou le règlement intérieur.

Un administrateur s'expose à la révocation pour juste motif notamment s'il a été des faits constitutifs de cas d'incompatibilité ou de conflit d'intérêt.

CHAPITRE III

Obligations particulières de l'administrateur

Art. 16. – La responsabilité civile des administrateurs pourra être engagée à raison de préjudice, par eux causé à la Fondation consécutivement à des infractions aux dispositions législatives et réglementaires, à des violations des statuts et à des fautes personnelles de gestion selon les règles du droit commun.

Art. 17. – Les fonctions d'administrateur sont exercées à titre bénévole. Toutefois, les administrateurs seront remboursés des frais encourus dans l'exercice de leurs fonctions dans les conditions déterminées par le règlement intérieur.

Art. 18. – La Fondation ne peut accorder de prêts, de découverts en compte courant, de subventions ni de libéralités directement ou par personne interposée aux membres du Conseil d'administration, de la Direction exécutive, aux commissaires aux comptes ou aux gestionnaires de fonds.

De même, la Fondation ne peut se porter caution ni donner aval à des engagements pris par eux envers les tiers. Cette interdiction s'étend aux conjoints, aux parents et alliés jusqu'au quatrième degré inclus.

Les actes pris en violation des interdictions édictées aux alinéas précédents sont nuls et de nul effet. Les bénéficiaires et les auteurs de tels actes sont passibles de dommages-intérêts envers la Fondation sans préjudice des sanctions disciplinaires.

Art. 19. – Les contrats de prestation de services conclus entre les Fondateurs/donateurs ou leurs représentants et la Fondation sont

Tsanganasa dia aroso hakàna fanomezan-dàlana mialoha avy amin' ny Filankevi-pitondrana ary ampahafantarina ny mpanamarin-kaonty izay manao ny tatitra manokana momba izany. Andefasana io tatitra manokana io ireo rehetra mpamatsy voala/panokana ho an' ny Tsanganasa voakasika.

TOKO IV

Fomba fiasan' ny Filankevi-pitondrana

And. 20. – Ny Filankevi-pitondrana dia mivory matetika araka izay itakian' ny raharahan' ny Tsanganasa izany, nefa farafaharatsiny indray mandeha isan-taona amin' ny fivoriana arapotoana araka ny fiantsoana an-tsoratra misy ny fandaharam-potoana ataon' ny filoha na raha tsy misy ataon' ny filoha-lefitra na noho ny fangatahan' ny ampahatelon' ny mpihevi-draharaha.

Azo atao ihany koa, araka ny fomba mitovy amin' izany ny fivoriana tsy ara-potoana.

And. 21. – Atao anatin' ny telo volana manaraka ny fanakatonana ny famelabelarana ny toeboha ny fivoriana voalohany amin' ny fotoam-piasan' ny Filankevi-pitondrana. Tsy afaka manapa-kevitra afa-tsy amin' ireo zavatra voasoratra ao anatin' ny fandaharam-potoana ny Filankevi-pitondrana.

And. 22. – Ny Filankevi-pitondrana dia manapa-kevitra aradàna miaraka amin' ny fandraisan' anjaran' ny ankamaroan' ny mpikambana ao aminy ahay. Tsy misy mihitsy fisoloan-tena azo ekena.

And. 23. – Ny fanapahan-kevitra dia raisin' ny maro an' isa amin' ireo vaton' ny mpikambana mandray anjara. Raha misy fitovian' ny isam-bato, dia izay iandanian' ny filohan' ny Filankevi-pitondrana na ny filoha mitarika ny fivoriana no mavesa-danja.

Manatrika ny fivorian' ny Filankevi-pitondrana sy ny Komity, ka ho fakàn-kevitra, ny Tale mpanatanteraka ka izy no misahana ny sekretaria sy manomana ny fanapahana.

And. 24. – Misy isa trararina tovonana ny telo ampahaefatry ny mpihevi-draharaha ary koa ny maro an' isa izay roa ampahatelon' ny vato no ilaina mba ahafahana manapaka ny momba ireo fanapahan-kevitra mikasika ny fanendrena mpihevi-draharaha iray, ary koa amin' ny fanendrena na fanoloana ny Mpanamarin-kaonty na ny mpisolo toerana azy.

Toy izany ihany koa momba ireo soso-panovàna atao amin' ny fitsipi-pitondrana sy ny fitsipika anaty ary ireo fanapahana mikasika ny fandravàna ny Tsanganasa. Ny fanomezan-dàlana mazava avy amin' ireo Mpanorina, momba ny fanapahana mikasika ny fandravàna, dia takiana mialoha mba tsy hahafahana izany, ary tsy maintsy ampahafantarina azy ireo izany.

And. 25. – Ny mpihevi-draharaha iray dia tsy maintsy mampahafantatra ireo namany izay rehetra mikasika azy ka zary fifanongoran-tombontsoa misy na mety hisy eo amin' ny tombontsoany manokana na eo amin' ny asa aman-draharaha ataony sy ny tombontsoan' ny Tsanganasa mikasika ny raharaha iray. Tsy manatrika ny ady hevitra ary tsy mandray anjara amin' ny latsa-bato mikasika io raharaha io ny mpihevi-draharaha voakasika.

And. 26. – Ny Filankevi-pitondrana dia mifidy, isaky ny roa taona, amin' ireo mpikambana ao aminy, amin' ny fotoam-pivoriany voalohany, filoha iray, filoha-lefitra iray ary mpitam-bola iray.

And. 27. – Ny filohan' ny Filankevi-pitondrana no manaraka ny fizotry ny raharaha ao amin' ny Tsanganasa ary manara-màso ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitra rehetra noraisin' ny Filankevi-pitondrana.

Izy no afaka mitovy eo anatrehan' ny fitsarana ary koa misolo tena ny Tsanganasa, miaraka amin' ny Fombem-pitondrana mpanatanteraka, eo amin' ny fifandraisana amin' ny olon-kafa.

Izy no mitarika ny fivorian' ny Filankevi-pitondrana. Ny filoha-lefitra no misolo ny filoha ary misahana izay rehetra fahefana sy asa ataon' ity farany raha misy tsy maha-eo azy na raha misy tsy fahafahany.

soumis à l'autorisation préalable du Conseil d'administration, et communiqués aux commissaires aux comptes qui établissent un rapport spécial à ce titre. Tous les bailleurs/donateurs de la Fondation concernée sont destinataires de ce rapport spécial.

CHAPITRE IV

Fonctionnement du Conseil d'administration

Art. 20. – Le Conseil d'administration se réunit aussi souvent que les affaires de la Fondation l'exigent, mais au moins une fois par an en session ordinaire sur convocation écrite comportant un ordre du jour du président ou le cas échéant du vice-président ou à la demande du tiers des administrateurs.

Des sessions extraordinaires peuvent se tenir dans les mêmes formes.

Art. 21. – La première réunion de l'exercice du Conseil d'administration se tient dans les trois mois qui suivent la clôture des états financiers. Le Conseil d'administration ne peut délibérer que sur les questions inscrites à l'ordre du jour.

Art. 22. – Le Conseil d'administration délibère valablement avec la participation de la majorité au moins de ses membres. Aucune représentation n'est autorisée.

Art. 23. – Les décisions sont prises à la majorité des voix des membres participants. En cas de partage de voix, celle du président du Conseil d'administration ou du président de séance est prépondérante.

Le directeur exécutif assiste, avec voix consultative, aux réunions du Conseil d'administration et des Comités dont il assure le secrétariat et prépare les décisions.

Art. 24. – Un quorum renforcé des trois quarts des administrateurs ainsi qu'une majorité qualifiée des deux tiers des voix sont nécessaires pour statuer sur des décisions relatives à la désignation d'un administrateur ainsi que pour la nomination et le remplacement du Commissaire aux comptes et de son suppléant.

Il en est de même pour les amendements aux statuts et au règlement intérieur et les décisions portant sur la dissolution de la Fondation. L'autorisation expresse des Fondateurs est requise au préalable pour la décision de dissolution à peine de nullité, laquelle leur doit être notifiée.

Art. 25. – Un administrateur doit révéler à ses pairs tout fait le concernant et constituant un conflit d'intérêt existant ou potentiel entre ses intérêts personnels ou professionnels et ceux de la Fondation pour une affaire donnée. L'administrateur concerné n'assistera pas aux délibérations ni ne participera au vote relatif à l'affaire.

Art. 26. – Le Conseil d'administration élit tous les deux ans parmi ses membres, à sa première réunion, un président, un vice-président et un trésorier.

Art. 27. – Le président du Conseil d'administration suit la marche des affaires de la Fondation et veille à l'exécution de toutes les décisions du Conseil d'administration.

Il a le pouvoir d'ester en justice ainsi que de représenter la Fondation dans les rapports avec les tiers concurremment avec la Direction exécutive.

Il préside les séances du Conseil d'administration. Le vice-président remplace le président et exerce tous les pouvoirs et fonctions de ce dernier en cas d'absence ou d'empêchement de celui-ci.

LOHATENY IV FEPETRA MOMBA NY FITANTANAM-BOLA

TOKO VOALOHANY Loharanon-karena

- And. 28. – Ny loharanon-karen' ny Tsanganasa dia ahitana :
1. Ny fanomezana sy tolotra;
 2. Ny fanomezana avy amin' ny Fanjakana sy avy amin' olon-tsotra eto amin' ny firenena na iraisam-pirenena;
 3. Ny tahiry fanampiana avy any ivelany;
 4. Ny vokatry ny fametraham-bola;
 5. Ny vokatry ny fanombanam-bidy ny fanana-manaraka sy ny fanana-mifaka;
 6. Ny vokatry ny fisahanan' asa ataon' ny Tsanganasa;
 7. Ny vola miditra noho ny antony manokana;
 8. Ny fanampiana.
- And. 29. – Ekena hitantana ireo karazanà tahiry samihafa araka izay voafaritra ao amin' ny andininy faha-2 ny Tsanganasa.
- And. 30. – Ny renivolan' ny Tsanganasa am-boalohany dia tsy azo atao latsaky ny enina arivo tapitrisa Iraimbilanja na (1 200 000 000 Ariary). Azo ovàna araka izay ilaina azy io habetsahana io amin' ny alàlan' ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian' ny Governemanta. Azo raisina sy ampidirina ao amin' ny renivolan' ny Tsanganasa am-boalohany ny fanomezana taty aoriana, araka ny voafaritra ao amin' ny andininy faha-2.

TOKO II Fitantanana ny loharanon-karena

- And. 31. – Ny loharanon-karena rehetra azo ampiasaina ao amin' ny Tsanganasa dia atokana voalohany indrindra. ho famatsiam-bola ny asa tafiditra ao amin' ny andraikiny mba hanamarinana ny sata maha-ahitan' ny vahoaka tombontsoa azy.
- And. 32. – Ny Tsanganasa dia tsy maintsy manaraka ny fenitra avo lenta momba ny fitantanana ary manana ireo fitaovana tena raitra : bokikely arahina mikasika ny raharaha atao; bokikely arahina momba ny famatsiam-bola; fifanarahana momba ny fitantanana ny tahiry; fitsipika anaty momba ny fitandroana ny hasin' ny asa sy ireo taratasy firaketana fitsiahy tena ilaina.
- And. 33. – Ny fanomezana sy tolotra, fanampiana ary amin' ny ankapobeny izay rehetra fandraisana anjara dia tsy tokony hiteraka loloha mihoapampana ho an' ny Tsanganasa na manohintohina ny fahaleovantenany eo amin' ny fitantanana. Afaka mandà ny fanomezana toy izany ny Tsanganasa.
- And. 34. – Ny Mpanorina sy mpamatsy vola/mpanome dia afaka mampiankina ny fanokanana ny loharanon-karena ho an' ny Tsanganasa, amin' ny alàlan' ny fanomezana na zavatra hafa, aminà fepetra ka arisan' izany ireo izay mety hitarika ny fanafoanana ny fanomezana nataony.
- And. 35. – Ny Tsanganasa dia tsy maintsy manaraka ny fepetra momba ny fampiasana ny loharanon-karena napetraky ny mpanome.

TOKO III Fitondrana ny fampiasam-bola hamokarana sy ny momba ny hetra

- And. 36. – Na dia eo aza izay fepetra rehetra teo aloha mifanohitra, ny Tsanganasa ekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa dia omen-dàlana hividy sy hitàna fananana, loharanon-karena ary vola, na eto Madagasikara izany na any ivelany. Ny vola sy loharanon-karena toy izany dia azo afindra malalaka any ivelany sy ampodiana mba hampiasaina eto Madagasikara.
- Ny Tsanganasa dia afaka mametraka ny vola enti-mihetsika ao amin' ny vola vahiny eo amin' ny tsenam-bola iraisam-pirenena araka ny fitsipika momba ny fitantanana napetraky ny Filankevipitondrana ao aminy.

TITRE IV DISPOSITIONS FINANCIERES

CHAPITRE PREMIER Ressources

- Art. 28. – Les ressources de la Fondation sont constituées par :
1. Les dons et legs;
 2. Les donations publiques et privées d'origine nationale et internationale;
 3. Les fonds d'aide extérieurs;
 4. Les produits de placement;
 5. Les produits de valorisation de ses biens meubles et immeubles;
 6. Les produits des prestations de service fournis par la Fondation;
 7. Les recettes exceptionnelles;
 8. Les subventions.
- Art. 29. – La Fondation est admise à gérer les divers types de fonds tels qu'ils sont définis à l'article 2.
- Art. 30. – Le capital initial de la Fondation ne peut être inférieure à six milliards de francs malagasy ou (1 200 000 000 Ariary). Ce montant sera révisé en tant que de besoin par décret pris en conseil de Gouvernement. Des donations ultérieures peuvent être reçues et incorporées au capital initial de la Fondation, telle que définie à l'article 2.

CHAPITRE II Gestion des ressources

- Art. 31. – Toutes les ressources disponibles de la Fondation sont affectées en priorité au financement des activités entrant dans le cadre de sa mission pour justifier son statut d'utilité publique.
- Art. 32. – La Fondation doit se conformer aux normes de gestion les plus élevées et disposer des outils de qualité : manuel d'opérations; manuel de financement; conventions de gestion de fonds; code de déontologie interne et autres documents de référence pertinents.
- Art. 33. – Les dons et legs, subventions et généralement toute contribution ne doivent pas créer des charges exorbitantes pour la Fondation ni compromettre son indépendance de gestion. La Fondation peut refuser une donation à ce titre.
- Art. 34. – Les Fondateurs et bailleurs/donateurs disposent de la faculté de subordonner l'affectation de ressources à la Fondation, au titre de la dotation ou à d'autres fins, à des conditions dont celles susceptibles de provoquer la révocation de leur donation.
- Art. 35. – La Fondation est tenue de se conformer aux conditions d'utilisation des ressources établies par les donateurs.

CHAPITRE III Régime des investissements et fiscalité

- Art. 36. – Nonobstant toute disposition antérieure contraire, la Fondation reconnue d'utilité publique, est autorisée à acquérir et détenir des biens, ressources et avoirs tant à Madagascar qu'à l'étranger. De tels avoirs et ressources peuvent être librement transférés à l'étranger et rapatriés pour être utilisés à Madagascar.
- Elle peut placer ses actifs financiers en devises étrangères sur les marchés financiers internationaux conformément aux règles de gestion établies par son Conseil d'administration.

And. 37. – Izay Tsanganasa rehetra ekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa, ireo fananany, ny vola hafa sy vokatra, ary koa ireo raharaha sy fifanarahana ataony dia mahazo ny tombontsoa momba ny fitondrana ny hetra ampiharina amin' ny sosaiety sy fikambanana ekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa izany hoe ny fanafahana amin' ny hetra mikasika ny tombom-barotry ny sosaiety, ny haba aloa amin' ny famindràna, ny saram-pandraketana am-boky ny sora-panekena sy fiovan-tompo.

Ho fandinganana fepetra ary mba ahafahan' ny Tsanganasa ekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa manatanteraka tsara ny asany, ny vokatry ny fametraham-bola nataony dia tsy andoavana ny Hetra amin' ny Vola miditra avy amin' ny Renivola mikasika ny fanana-manaraka (IRCM).

Mijanona ho fehezin' ny adidy aman' andraikitra ara-dalàna mifandraika amin' ny fitantanana ny mpiasa ao aminy sy ny famoriana izay rehetra hetra na sara aloa ho an' ny Fanjakana izy.

And. 38. – Hafahana amin' ny saran' ny fadintseranana izy ary koa amin' ireo haba hafa rehetra mikasika ny fitaovana sy fampitaovana ilaina ho amin' ny fampandehanana azy ao anatin' ny fametrahana azy voalohany.

And. 39. – Ny fanomezana nataon' ny vatantenan' olona sy/na fikambanana mizaka zo aman' andraikitra ho an' ny Tsanganasa dia anesorana ny hetra momba ny vola miditra sy ny mitovitovy amin' izany amin' ny taha 50 isan-jato amin' ny sandan' ny fanomezana ary ao amin' ny fetry ny 25 isan-jato amin' ny hetra tsy maintsy aloa.

Raha toa ny habetsahany azo esorina mandritra ny taona iray ka mihoatra n' fetra nofaritana etsy ambony, ny vola mihoatra dia afindra mitanesy amin' ny fandoavan-ketra amin' ny taona manaraka.

LOHATENY V

MOMBA NY FANARAHANA-MASO

And. 40. – Ny kaontin' ny Tsanganasa dia atao araka ny Drafipitànana-kaonty manan-kery eto Madagasikara.

Ny mpanamarin-kaonty tompon-toerana na ny mpisolotoerana azy, fidina sy tendren' ny Filankevi-pitondrana amin' ireo mpikambana ao amin' ny Holafitry ny Manamahay momba ny fitànana-kaonty sy ny fitantanam-bola eto Madagasikara no manaramaso sy manamarina isan-taona ny kaontin' ny Tsanganasa.

Ny Filankevi-pitondrana ny Tsanganasa dia afaka mametra ao amin' ny fitsipika anaty mifehy azy ny faharetan' ny fe-potoana iasan' ny mpanamarin-kaonty.

Ny mpanamarin-kaonty dia afaka, na amin' ny fotoana inona mandritra ny taona, manatanteraka ny asa fanamarinana heveriny fa tokony hatao ary raha misy hamehana, mangataka ny fiantsoana ny fivoriana ny Filankevi-pitondrana.

Manao ny tatitra momba ny fahatanterahan' ny asany amin' ny Filankevi-pitondrana isaky ny faran' ny taom-piasana izy ary manolotra, raha ilaina, ny tatitra manokana voalazan' ny andininy faha-19.

And. 41. – Ny taratasy firaketana ara-tsosialy momba ny Tsanganasa indrindra ny famelabelarana ny fitantanam-bola voamarina, ny tatitra isan-taona momba ny fikambanana ataon' ny Filankevi-pitondrana, ary ny tatitra ataon' ny mpanamarin-kaonty dia alefa any amin' ny Minisitara miandraikitra ny Fitantanam-bola, ny Minisitara miandraikitra ny sehatrasa irotsahan' ny Tsanganasa, ny Mpanorina ary ny mpamatsy vola/mpanome.

And. 42. – Ny mpamatsy vola/mpanome dia afaka mampanao "audits" mikasika ny fampiasana ny tahiry nomeny ny Tsanganasa ka tsy miankina amin' izay nampanaovin' ny Minisitara miandraikitra ny Fitantanam-bola amin' ny fepetra mitovy amin' izany ihany.

Ny taratasy firaketana ara-tsosialy momba ny Tsanganasa dia tsy maintsy ho azon' ny besinimaro jerena. Ny fitsipika anaty no mamaritra ny fepetra mikasika izany.

Art. 37. – Toute Fondation reconnue d'utilité publique, ses biens, ses autres avoirs et revenus, ainsi que ses opérations et transactions bénéficient du régime fiscal applicable aux sociétés et aux associations reconnues d'utilité publiques à savoir une exonération de l'impôt sur le bénéfice des sociétés, de la taxe forfaitaire sur les transferts, des droits d'enregistrement des actes et des mutations.

Par dérogation et afin que la Fondation reconnue d'utilité publique puisse mener à bien sa mission, les produits de placement effectués ne sont pas soumis à l'impôt sur les Revenus des Capitaux Mobiliers (IRCM).

Elle demeure assujettie aux obligations légales afférentes à la gestion de son personnel et à la collecte de tout impôt ou droit pour le compte de l'Etat.

Art. 38. – Elle sera exemptée de droits de douanes et de toutes autres taxes pour le matériel et les équipements nécessaires à son fonctionnement dans le cadre de sa première installation.

Art. 39. – Les dons faits par des personnes physiques et/ou des personnes morales au profit de la Fondation sont déductibles de l'impôt sur les revenus et assimilés au taux de 50% de la valeur de la donation et dans la limite de 25% de l'impôt dû.

Lorsque le montant déductible au cours d'une année excède la limite fixée ci-dessus, l'excédent est reporté successivement sur les impositions des années suivantes.

TITRE V

MECANISMES DE CONTROLE

Art. 40. – Les comptes de la Fondation sont établis selon le Plan Comptable en vigueur à Madagascar.

Les comptes des Fondations sont contrôlés et certifiés annuellement par le commissaire aux comptes titulaire ou son suppléant, choisis et nommés par le Conseil d'administration parmi les membres de l'Ordre des Experts comptables et financiers de Madagascar.

Le Conseil d'administration de la Fondation peut limiter dans son règlement intérieur la durée du mandat des commissaires aux comptes.

Le commissaire aux comptes peut, à tout moment de l'année, opérer les vérifications qu'il juge opportunes et en cas d'urgence, demander la convocation d'une réunion du Conseil d'administration.

Il fait rapport de l'exécution de son mandat au Conseil d'administration à la fin de chaque exercice et remet, le cas échéant, le rapport spécial prévu à l'article 19.

Art. 41. – Les documents sociaux de la Fondation notamment les états financiers vérifiés, le rapport moral annuel du Conseil d'administration, et les rapports du commissaire aux comptes sont adressés au Ministère chargé des Finances, au Ministère chargé du secteur d'activité de la Fondation, aux Fondateurs et aux bailleurs/donateurs.

Art. 42. – Les bailleurs/donateurs peuvent faire réaliser des audits sur l'utilisation des fonds qu'ils ont octroyés à la Fondation indépendamment de ceux initiés par le Ministère chargé des Finances dans les mêmes conditions.

Les documents sociaux de la Fondation doivent être accessibles au public. Le règlement intérieur en définit les conditions d'accès.

LOHATENY VI

FANDRAVANA SY FAMPIRAISAN-TROKY

And. 43. – Ny fandravana ny Tsanganasa dia azon' ny Filankevi-pitondrana atao noho ny antony rehetra miteraka ny tsy fahazoa-manohy ny asa ataony.

Mihatra avy hatrany ny fandravana raha vao misy ny fisintonana ny fanekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa.

And. 44. – Ny fananana sy loharanon-karena misy, rehefa nalain' ny mpanome ny tolo-pananana nentiny avy, anisan' izany ny fanokanana ary taorian' ny fanefana ny trosa, dia atokana ho amin' ny fananganana Tsanganasa iray vaovao ahitan' ny vahoaka tombontsoa manana tanjona mitovitovy.

Amin' ny fisehoan-javatra tsy ahafaha-manangana Tsanganasa vaovao, ny fananana sy loharanon-karena dia omena, araka ny fepetra mitovy amin' ny voalazan' ny andalana etsy ambony, ny Tsanganasa hafa ahitan' ny vahoaka tombontsoa izay manana tanjona mifanakaiky indrindra amin' izay nanorenana ny Tsanganasa noravàna.

Tsy mahazo tombontsoa amin' izany ny Tsanganasa ahitan' ny vahoaka tombontsoa izay ananan' ny mpihevi-draharaha na tompon' andraikitra ambony mpitarika ao amin' ny Tsanganasa noravàna fitondrana na tombontsoa, sy ireo fikambanana manana tanjona ho azy irery na miaro ny tombontsoany samirery.

Ny fanapahana momba ny fandravana nataon' ny Filankevi-pitondrana dia ahitana ny fanendrena ny mpamaram-pananana sy ny famaritana ny fahefany. Ny fanendrena ny mpamaram-pananana dia mampitsahatra ny fahefan' ny mpikambana ao amin' ny Filankevi-pitondrana sy ny Tale mpanatanteraka.

And. 45. – Ny Tsanganasa dia afaka manatanteraka fampiraisa-troky, na amin' ny alàlan' ny fandravonana Tsanganasa hafa na amin' ny fananganana Tsanganasa vaovao miaraka amin' ny antokon-draharaha manana tanjona mitovitovy amin' izany.

And. 46. – Ny fifanarahana fampiraisan-troky, mamaritra ny teny sy fepetra momba ny fampiraisan-troky ary koa ny fomba fitondrana sy fampandehanana ny fikambanana vaovao dia ataon' ny Filankevi-pitondrana ny roa tonta araka izany.

Alohan' ny anaovana sonia izany, ny fifanarahana fampiraisan-troky dia tsy maintsy ho efa nankatoavin' ny mpanorina rehetra.

Rehefa izany dia aroso hankatoavin' ny fivoriana ny Governemanta izany.

Ny sora-panekena fampiraisan-troky, nankatoavina sy nomen-dalana ara-dalana, dia avoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika ao anatin' ny volana-manaraka ny faneken' ny manampahefana mahefa.

Manomboka io vaninandro io, dia rava ny andiany mpamorona.

LOHATENY VII

FEPETRA TETEZAMITA SADY FARANY

And. 47. – Foanana eo amin' ny andininy rehetra ny lalàna laharana faha-95-028 tamin' ny 26 septambra 1995 anorenana ny Tsanganasa eto Madagasikara.

And. 48. – Ny Tsanganasa ekena fa ahitan' ny vahoaka tombontsoa niorina talohan' ny hampanan-kery ity lalàna ity dia ekena avy hatrany fa ahazo ny tombontsoa mitovy amin' ny fitondrana vaovao mikasika ny Tsanganasa.

And. 49. – Havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery ao Antananarivo, ny 19 aogositra 2004.

Marc RAVALOMANANA.

TITRE VI

DISSOLUTION ET FUSION

Art. 43. – La dissolution de la Fondation peut être décidée par le Conseil d'administration pour toutes causes rendant impossible la poursuite de ses activités.

La dissolution a lieu d'office en cas de retrait de la reconnaissance d'utilité publique.

Art. 44. – Les biens et ressources existants, après reprise de leurs apports respectifs par les donateurs, y compris la dotation et après règlement du passif, sont dévolus à la création d'une nouvelle Fondation d'utilité publique poursuivant des fins similaires.

Dans le cas où une nouvelle Fondation ne peut être créée, les biens et ressources sont dévolus, dans les mêmes conditions qu'au précédent alinéa, à d'autres Fondations d'utilité publique qui poursuivent des fins se rapprochant le plus de celles pour lesquelles la Fondation dissoute a été créée.

Ne peuvent être bénéficiaires, les Fondations d'utilité publique dans lesquelles les administrateurs ou cadres dirigeants dans la Fondation dissoute détiennent un statut ou un intérêt quelconque et les organisations poursuivant des fins privées ou défendant des intérêts privés.

La décision de dissolution prise par le Conseil d'administration porte désignation d'un liquidateur et mention de ses pouvoirs. La nomination du liquidateur met fin aux pouvoirs des membres du Conseil d'administration et du directeur exécutif.

Art. 45. – La Fondation peut réaliser une fusion, soit par absorption d'une autre Fondation soit par création d'une Fondation nouvelle avec un établissement poursuivant des buts similaires.

Art. 46. – Une convention de fusion, déterminant les termes et conditions de la fusion, ainsi que le mode d'administration et de fonctionnement de la nouvelle entité est élaborée à cette fin par les Conseils d'administration des parties.

Avant sa signature, la convention de fusion doit avoir été approuvée par l'ensemble des fondateurs.

Elle sera soumise, par la suite, à l'approbation du conseil de Gouvernement.

L'acte de fusion, régulièrement adopté et autorisé, est publié au *Journal officiel* de la République dans le mois suivant l'accord des autorités compétentes.

A compter de cette date, les entités constituantes se trouvent dissoutes.

TITRE VII

DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES

Art. 47. – La loi n° 95-028 du 26 septembre 1995 portant création des Fondations à Madagascar est abrogée en toutes ses dispositions.

Art. 48. – Les Fondations reconnues d'utilité publiques constituées avant l'entrée en vigueur de la présente loi sont admises de plein droit au même bénéfice du nouveau régime des Fondations.

Art. 49. – La présente loi sera publiée au *Journal officiel* de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 19 août 2004

Marc RAVALOMANANA.